


TORITENY - FO MASIN'I JESOA - TAONA D



Ny Fon'i Jesoa no ilay fo fatra-pitia ny olombelona

Ry kristianina havana, andro lehibe ho antsika eto amin'ny diosezy tokoa ity zoma voalohany volana jiona ity satria andro ankalazantsika manokana ny Fo Masin'i Jesoa. Ny Katedraly moa ambany fiarovan'ny Fo Masin'i Jesoa tahaka ny Eglizy maro eto anivon'ny diosezy ambany fiarovany koa. Indrindra amin'izao taona masina ny FAMINDRAM-PO. Ny mahavariana koa dia tamin'ny zoma voalohany volana fanajana ny Fo masin'i Jesoa dia sendra ny andro izay niangavian'ny Papa hanaovana ny 24 ora ho an'ny Tompo, hibanjinana manokana ny famindrampon'Andriamanitra ka haninteraka

manokana amin'ny fiainantsika izany famindrampon'Andriamanitra izany mba ho zary FAMINDRAM-PO eo anivon'izao tontolo izao. Matetika atsika mamerina fa mila Fo velona fa tsy Fo vato izao andro iainantsika izao satria efa manjaka loatra ny hery setra, ny fitapitaka sy ny lainga ka ny vonoan'olona no

Vakiteny I : Ez. 34, 11-16

Salamo : Sal. 109

Vakiteny II : Rôm. 5, 5-11

Evanjely : Lk. 15, 37

zary mandrefy ny fiainantsika, mila Fon'Andriamanitra izao Fonsika izao.

Io no mahatonga an'ny Papa araka ny efa fantantsika niantso an'izao taona izao ho taona masina FAMINDRAM-PO. Eto anivon'ny diosezy izay ambany fiarovan'ny Fo masin'i Jesoa dia maniry isika ka mitalaho izany famindrampon'Andriamanitra izany mba ho eto anivontsika. Ny Fo masin'i Jesoa anie hanjaka ao amintsika ka ilay Fo mitepo fitiavana sy mikatsaka hafa tsy izay mahaso ny hafa no ho eo anivontsika. Maro ireo Eglizy na fikambanana masina eto amin'ny diosezintsika ambany fiarovan'i Fo masin'i Jesoa, indrindra eto amin'ny tanànan'Antsiranana. Tsy kisendrasendra izany tsy isika no nangataka an'izany fa ny Fo masin'i Jesoa no nandefa an'izany, fantantsika fa misy ireo fikambanana relijiozy ny Fo masin'i Jesoa sy Fo Madion'i Maria avy any Mahajanga miasa ao amin'ny paroasy Victoire Rasoamanarivo, hitantsika ihany koa ny fikambanana relijiozy Filles de la Charité de Sacré-Coeur de Jésus miasa ao Mahavokatra. Amin'izao fantantsika fa misy ihany koa ny fikambanana "Petite servante du Sacré-Coeur", izany rehetra izany no manambara fa ny Fo masin'i Jesoa dia eto anivontsika, ilay Fo fatra-pitiavana atsika olombelona dia eto anivontsika ka anjarantsika ary no manokatra ny fonsika ka hahay handray azy.

Ny vakiteny masina atolotry ny Eglizy androany dia mampitodika antsika amin'ilay mpiandry ondry tsara, ny vakiteny voalohany (*Ezekiela 34, 11-16*) dia manambara fa Andriamanitra no mpiandry ondry tsara ary izy miandry ny ondriny ka hikarakaraka sy hikorokoro. Andriamanitra dia vonona hikarakara ny ondriny mandrakariva dia isika satria izy ilay Fo feno fitiavana. Azo lazaina koa ary fa isika dia Fo izay mitepo amin'izao andro iainantsika izao ka hikarakara ireo manodidina atsika, hanome Fo velona fa sanatria tsy Fo vato, Fo velon'ny fitiavana.

Mampibaribary i Masindahy Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*Rom 5;5-11*) fa ilay Fanahy Masina no mandrotsaka ao amintsika ny Fitiavana. Ka io Fanahy io no manadio sy manavao ny fonsika mba ho Fon'Andriamanitra amin'izay ny masontsika ho mason'Andriamanitra, ny sofintsika ho sofin'Andriamanitra, ny tàmantsika ho tàmnan'Andriamanitra, hiova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy isika samy olombelona ary ny fifandraisantsika amin'ny zava-boahary.

Izay no vokatry andrasantsika raha eo anivontsika tokoa ny Fo satria io no mampiray atsika amin'Andriamanitra sy amin'ireo manodidina atsika. Rehefa miova ny fonsika dia feno hafaliana ny fiainantsika, manjaka amintsika ny fiadanana ary izay no ambaran'ny Evanjely (*Lk. 15, 37*) amintsika sy katsahin'Andriamanitra amintsika. Izay no nanoloran'i Jesoa ny Fony izay mikatsaka atsika mandrakariva.

Tsy isika no mikatsaka an'Andriamanitra fa izy no tia antsika voalohany

Ry Kristianina havana matetika atsika no diso hevitra, mihevitra fa isika no mikatsaka an'Andriamanitra, matoa atsika mikatsaka azy dia satria efa natobany amintsika ny fanahiny ka io no mahatonga atsika manatona azy. Anjarantsika ary ny hanokatra ny

fontsika. Hibebaka isika fa indrindra izao taona masina izao natao ho fibebahana ary izay no mbola hanohizantsika mandraka ankehitriny. Sao dia mihevitra isika fa vita ny fibebahana taorian'ireny fankalazana maro isankarazany ireny, mbola izao indrindra no tsy maintsy hibebahantsika. Mikatsaka atsika mandrakariva Andriamanitra fa isika no mody very ary feno hafaliana izy raha mahita isika miverina. Diso fihevitra isika raha milaza fa isika no faly voalohany, Andriamanitra no faly voalohany indrindra mahita ny fibebahantsika. Izany no nanirahany i Jesoa ho eto anivontsika hikatsaka atsika hiverina.

Izao tokoa ny fotoana ry Kristianina havana ary dia zarao amin'ny olona izay hafalian'ny fibebahana izay sy ny fahasoavana azontsika raha miverina amin'Andriamanitra isika.

Ry Kristianina havana hararaoty ary izao fankalazana ny Fo Masin'i Jesoa izao, hitantsika i Jesoa nanolotra ny ainy , hitantsika ny rano sy rà avy ami'ny Fony manambara ny fahaterahantsika ka izao taona masina izao anie ho fahaterahana ho antsika, ho fahaterahan'ny diosezintsika tokoa.

Tsy hoe fahatsiarovana na fankalazana fotsiny fa matoa mankalaza isika dia entanin'ny Fanahy Masina ka mivelona ny Fon'i Jesoa ka ho entintsika eo anivon'ny manodidina atsika manomboka ao amin'ny Eglizy kely fianakaviansika. Ho hisy Fon'i Jesoa anie ny Eglizy kely tsirairay avy ka hihitatra ao amin'ny Eglizy fiombonana. Ho feno Fon'i Jesoa ny Eglizy fiombonana rehetra eto amin'ny diosezy, ho feno Fon'i Jesoa ny Eglizy fototra rehetra ka mivahatra amin'ny Fon'i Jesoa tokoa ny fiainantsika manontolo. Feno fitiavana isika ka manatanteraka ny adidintsika rehetra, handray an-tànana ny Eglizy isika ny ara-panahy, ny ara-tsaina amin'izay ny sekterantsika dia ho feno Fo fitiavana ary ny diosezintsika izay amban'ny Fiarovan'i Fo Masin'i Jesoa dia ho Feno fitiavana tokoa.

Ry Jesoa Tompo ô, ny Fonao tokoa no andrandrainay sy banjininay, hitodihanay amin'izao andro zoma voalohan'ny volana Jiona izay volan'ny ankizy rahateo, ireo izay Misioneran'ny FAMINDRAM-PO, atolotray anao izy ireo.

Volana Jiona fankalazana ny fetin'ny firenenay, ankininay aminao koa izany, ny Fonao hanjaka amin'ity firenena ity, hanjaka amin'ireo mpitondra anay ka amin'izay hiadam-pinaritra izahay.

**RY JESOA MALEMY FANAHY SY MANETRY TENA AO AM-PO DIA MAHATOKY ANAO
TANTERAKA IZAHAY FA IANAO TOKOA NO MAMPINANTRA ANAY NY TENA FITIAVANA.
AMEN**